Filohan'ny Antenimierampirenena sy FFKM 2
Nampisavorovoro ny sain'ny vahoaka ny fifidianana teo

Transparency International Madagasikara 7
Mbola tsy tara ny mpitondra raha hiverina amin'ny lala-mahitsy


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 18 novambra 2023 Laharana 1496 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Zanaky ny Faritra Atsimo-Atsinanana 3
Atsaharo ny fisamborana tsy ampiheverana ny zanakay

Vondron'ny kandidà 6

## Mitohy ny tolona miantso ny sivily sy miaramila hijoro



Kandidà filoha Ravalomanana 2

## Tolom-bahoaka no atao manomboka izao, tsy ekena ny jadona




16 novambra 2023 2

## Nanohitra fifidianana maloto sy amboletra ny Malagasy



Depiote Fetra Ralambozafimbololona 6

## Ny 12 desambra ny fitsarana navotsotra, arahi-maso ara-pitsarana



Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 7
Tompon-trano mihono amin'ny harem-pirenena ny vahoaka

Barea sy Black Stars tany Kumasi 5
Namaritana mpilalao Barea vaovao

Daka kely
Fandresena feno loto ny an'ialahy ry Boaikely ka vao mainka manala voninahitra a !

KANDIDÀ FILOHA RAVALOMANANA

# Tolom-bahoaka no atao manomboka izao, tsy ekena ny jadona

Nanao fihaonambe tetsy Bel'Air Ampandrana omaly, ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) notarihan'ny filoha nasionaliny, ny kandidà filoha Marc Ravalomanana. Vory lanona tokoa ny rehetra nandritra izany, nisongadina fa mitohy ahtrany ny tolona mandra-pivalian'ireo fitakiana rehetra mahakasikara ny resaka fifidianana. Nambarany nandritra izany fa :''nampivory ny tomponandraikitra rehetra eo anivon'ny TIM sy ny mpanohana ary ny mpiaradia amintsika aho. Mankasitraka ireo vahoaka Malagasy izay nanaraka antsakany sy andavany ireo toromarika nampitain'ny Collectif des Candidats ka tsy nandeha nifidy na dia natao amboletra aza ny fifidianana. Tsy mbola mifarana akory ny tolona ary tsy maintsy tohizana izany mandrapahatratra ny tanjona, dia ny fanomanana fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra. Ny fitakiana dia tsy misy miova fa miampy kosa ny tsy fankatoavana ny nanaovana amboletra ny fifidianana na dia tsy feno aza ny fepetra rehetra tokony hanaovana ny fifidianana madio. Tolom-bahoaka no atao manomboka izao ary tsy ekena ny fanaovana didy jadona eto Madagasikara. Tokony hamafisana ny firaisankinan'ny Malagasy, satria mety mihamafy ny faneriterena sy ramatahora atao amin'ny mpitarika sy ireo mpitolona. Ady sy tolona ho an'ny tanindrazana no atao ka tokony samy haharitra sy hanana fahasahiana ny vahoaka mpitolona. Tsy maintsy apetraka ny tetikady rehetra mba hahatratrarana ny tanjona dia ny fanomanana fifidianana madio, mangarahara ary eken'ny rehetra. Tohizana ny fanentanana ny vahoaka maneranana an'i Madagasikara, mba hahatsapan'izy ireo fa fifidianana mitanila sy tsy manaja



*Ny filoha Marc Ravalomanana tetsy Bel'Air omaly.*

ny zon'ny mpifidy ary feno hosoka iny fifidianana iny. Ilaina jerena akaiky ireo hetsi-bahoaka kanefa tsy mihemotra manoloana ireo antsojay sy herisetra. Sahia mijoro hatrany ho fiarovana ny marina sy ho an'ny tanindrazana. Manao antso amin'ireo hery velona rehetra samy handray andraikitra manoloana ny tsy fanarahan-dalàna, satria tandindonin-doza ny firenena sy ny ho avin'ny taranaka faramandimby. Manao antso avo aminareo mpitandro ny filaminana: aok'izay ny herisetra sy ny fanaovana ramatahora amin'ny mpiray tanindrazana. Ny soa iombonona ho an'ny tanindrazana no jerena, fa tsy tombontsoan'olombitsy fa samy ho tsarain'ny tantara isika. Avoahay tsy misy fepetra sy tsy misy hatak'andro i Depiote Fetra, sy ireo olom-pirenena Malagasy izay nanao diabe am-pilaminana ho fitakiana ny fanjakana tan-dalàna sy fifidianana madio. Masina ny Fahamarinana ka mijoroa hatrany amin'izany!''

**Nangonin'Isambilo**

Filohan'ny Antenimierampirenena sy FFKM

# Nampisavorovoro ny sain'ny vahoaka ny fifidianana teo

Nanao fanambarana teny amin'ny Antenimierampirenena teny Tsimbazaza ny alakamisy hariva teo, ny vovonana filohan'ny Antenimierampirenena (PAN) sy ny FFKM: Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Nitondra ny tenin'izy ireo ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa:''nigadona ny datin'ny 16 novambre 2023. Samy na- nefa ny adidiny na ny nifidy na tsy nifidy araka ny andraikitra sahaniny avy. Tsy hifanomezantsiny, fa ny Vovonana dia mangataka hatrany ny hanemorana ny fifidianana. Sanatria tsy niteniteny foana ny


*Ireo avy amin'ny Vovonana : filohan'ny Antenimierampirenena-FFKM, nanao fanambarana tamin'ny mpanao gazety.*

Vovonana raha nitatitra ny ahiahin'ny maro, fa hisavorovoro ny sain'ny vahoaka, ka tonga ary ny fotoana hifampandinihantena sy handinihantsika ny dikan'ny fifidianana, fa tsy hifikitra fotsiny amin'ny famakafakana ny fahombiazana na ny mety na ny mety tsy fahombiazana. Izany no anantitranteran' ny Vovonana fa mbola tsy levona akory ny fanantenana. Izao indrindra no fotoana tokony hahatsiaravantsika, fa hafatra sy fenitra ary finiavana nananan'ny Vovonana hatramin'izay dia tsy totan'ny andro. Koa SAHIA ary isika hiara-midinika, hifanakalo hevitra sy hifampizara, mba hifanohana amin'ny finiavana. Masina ny Malagasy, manana ny hasiny i Madagasikara, ka tsy afaka handrarak'ilo mby andoha isika. Ho ela velona anie ny Repoblikan'i Madagasikara.''

**Stefa**

Masoivohon'i Etazonia

# Nisy ny tsy fahatomombanana tamin'ny fifidianana afak'omaly

Nanao fanambarana ny Masoivoho Amerikana eto amintsika, taorian'ny fikatonan'ny biraom-pifidianana ny alakamisy alina teo. Araka ny fanambarana: ''mifantoka amin'ny fifidiana i Etazonia sy ny Fianakaviambe Iraisampirenena; mifantoka amin' i Madagasikara ny mason'izao tontolo izao. Ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara dia nahita fa nizotra tamim-pilaminana tamin'ny ankapobeny ny andron'ny fifidianana androany ary tsy nisy tatitra trangana herisetra. Vao nifarana anefa ny latsa-bato ary mbola hitohy mandritra ny takariva manontolo ny fanisambato. I Etazonia dia vonona hatrany ny hanohana ny finiavan'ny vahoaka Malagasy hisitraka ny zon'izy ireo handray anjara amin'ny ho avin'ny firenena. Na izany aza dia mampanahy anay ireo tatitra samihafa momba ny taham-pandraisana anjara ambany manerana an'i Madagasikara. Ny Masoivohon'i Etazonia sy ireo mpanara-maso iraisam-pirenena dia hitohy hanara-maso ny fanisambato sy hanaraka akaiky ny fivoaran'ny toe-draharaha. Na dia nisokatra arapotoana aza ny ankamaroan'ireo biraom-pifidianana dia mampanahy anay ny tsy fahampian'ireo mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato amin'ny toerana maromaro sy ny fiofanana izay nomena azy ireo. Ny Masoivohon'i Etazonia sy ireo mpanara-maso dia samy nitatitra tsy fahatomombanana tany amin'ny biraom-pifidianana, indrindra tamin'ny fihetsik'ireo solontenan'ny antoko po-


*Ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara.*

litika. Ny Masoivoho Amerikana sy ireo masoivoho hafa ary ireo rafitra iraisam-pirenena sy ireo mpanara-maso iraisam-pirenena dia mbola hivory handinika sy hanamarina ireo vaovao ireo ato anatin'ny andro na herinandro vitsy, indrindra ny fizotry ny fifidianana nandritra ny andro fandatsaham-bato sy ny fanisam-bato ary fitaterana ireo fitaovana nandatsaham-bato. Ny 24 novambra izao no hamoaka ny vokatra vonjimaika ny Vaomieram- pirenena Mahaleo Tena misahana ny Fifidianana na CENI. Ny 30 novambra no tokony hamoaka ny voka-pifidianana ofisialy ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na HCC. Hanaraka hatrany ny fivoaran'ny zava-misy ny fianakaviambe iraisam-pirenena mandritra izany. Miantso ny olom-pirenena, ny antoko politika, ary ireo kandida hiandry am-pilaminana sy am-pitoniana ny vokatra avy amin'ny CENI izahay. Ireo fitarainana rehetra momba ny fifidianana dia tokony hovaha- na amin'ny alalan'ireo rafitra voalazan'ny lalàna manan-kery eto Madagasikara.''

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy fakafaka

16 novambra 2023

# Nanohitra fifidianana maloto sy amboletra ny Malagasy

Tsy tokony hadinoina velively fa iny fifidianana natao amboletra sy maloto ny 16 Novambra iny, dia tena faran'izay ratsy indrindra hatramin'ny niverenan'ny fahaleovantena. Noho iny fifidianana iny maloto sy amboletra ary tsy marina, nanohitra izany amin'ny ankapobeny ny Malagasy, nijanona tany an-trano ny maro an'isa mpifidy fa tsy nandeha nandatsa-bato. Fifidianana teo ambony rà latsaka sy aina nafoy ihany koa iny fifidianana iny, ankoatra ny fampiasana herisetra tamin'ny endrika sy fomba maro samihafa ary fampiadiana ny mpiray tanindrazana. Nisy mpiray tanindrazana noratraina teto, nisy namoy ny ainy, nisy nosamborina sy nogadraina ary mbola tanana am-ponja mandraka ankehitriny. Niseho izany nialohan'ny andron'ny fifidianana, nosetrasetrain'ireo olom-bitsy nomena vola, « gros bras », sy ireo zandary « barbares » ary ireo polisy mpisetrasetra ireo vahoaka nidina an-dalambe nanao hetsika fotsy. Notazanim-potsiny izany rehetra izany, fa tsy nisy fandraisana fepetra sy fanadihadiana akory na fanasaziana. Mazava loatra fa iray tsikombakomba avokoa izy rehetra mihazom-pahefana miaraka amin'ireo mpanao politika tohanany, izay kendreny hampandaniana ankehitriny. Izy rehetra ireo, ny tanany, dia mihoson-drà avokoa, ary mangidy hoditra amin'ny vahoaka.

Fifidianana maloto indrindra raha samy fifidianana natao teto amin'ny firenena iny nataon'ny Ceni iny, ary maha afa-baraka ny firenena malagasy. Nitodika taty amintsika avokoa mantsy ny mason'izao tontolo izao, indrindra ireo firenen-dehibe miara-miasa amin' i Madagasikara. Fifidianana efa fantatry ny mpitarika sy ny vahoaka mpanao hetsika fotsy, no hitranga handritry ny fifidianana sy izao fotoana aoriany izao. Ny tanjony dia nazava be sy niharihary fa hampandany an'i Andry Rajoelina, ilay kandidà vazaha lavin'ny vahoaka malagasy saropiaro sy tena sarotiny amin'ny fiandrianam-pirenena. Nazava ihany koa anefa ny hafatry ny mpitarika ny hetsika fotsy, fa mitohy ny tolona satria ny ady tsy mbola vita akory. Dingan'ady ary ampahany ihany iny vita iny, fa tsy mifarana sy tapitra ny ady. Tsy azo eken'ny saina velively mantsy raha vazaha frantsay no hitondra firenena. Tsy azo amidy ny tanindrazana.

Ratsy fototra tanteraka iny fifidianana iny ary fitondrana ratsy fototra izay mijoro eo, satria lavin'ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy. Ampahana vahoaka , ary ambivitra amin'ny isan'ny mpifidy ihany no nampandany azy, ary niaraha-nahita sy nahalala tsara izany. Mazava loatra, fa tsy hisy fampandrosoana velively ho vanona eto na hihodin-kavia na hihodin-kavanana ireo mpiara –dia aminy niaranao amboletra tamin'ny fifidianana. Tsy ny maro an'isa no nandany azy, izay midika fa tsy hisy fiaraha-mientana velively amin'izay asa fampandrosoana atao eto izany n'inona n'inona hatao. Araka izany, dia vao mainka hikorosy fahana ihany ny sehatra samihafa iainan'ny vahoaka, fa ny harenan'ireo olom-bitsy mpiray petsapetsa amin'izao haratsiana sy fahalovana izao no hitombo. Hahazo vahana ireo mpanao tantely afa-drakotra sy mpanagorobaka ny harem-pirenena. Ny vahoaka kosa hatao hifafa ny kihony sy hampahantraina hatrany hahafahana mangeja sy mamoritra azy toy izay efa nitranga izay. Tsy maintsy toherina hatramin'ny farany izany fa tsy mendrika intsony izany ny vahoaka malagasy.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Diana A.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Kandidà vazaha mpanjanaka

# Mitarika vonjimaika hitondra ny firenena amin'ny hantsan'ny fahapotehana

Mirehareha ny mpomba ny kandidà Andry Nirina Rajoelina ka tsy miraharaha ny tahampahavitrihan'ny mpifidy ambany, tsy mbola nisy toy izany, fa tsy mbola nahazo vato betsaka toy izany koa hono ny kandidàn-dry zareo. Etsy an-kilany kosa anefa dia nanambara ny Vondron'ny kandidà fa mandresy satria nanohina ny antso tsy nifidy ny olompirenena Malagasy, mahatsapa ny tsy fahatomombanan'ny fanomanana ny fifidianana sy ny tsy fanekena kandidà vazaha frantsay hitondra ny Firenena hivarina any an-kady indray mandritra ny 5 taona manaraka. Niaraha-nahita ihany koa ny fanambaran'ny masoivohon'ny firenena amerikana ny alakamisy hariva momba ny fanahiany amin'ny tahan'ny mpifidy izay ambany dia ambany. Tsy takona hafenina tokoa mantsy fa tsy hanana ny rariny sy ny hitsiny (légitimité) mihitsy Andry Nirina Rajoelina. Tsy nionona tamin'ny fahitàna fa nanaraka ny toromarika nomeny ny olompirenena, ka nanao fanambarana ihany koa ny Vondron'ny Kandidà nisaotra ireo tsy tonga nandatsa-bato ary nanome toky fa hitohy ny tolona. Niantso indray ny Vovonana tarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM amin'ny tokony hitohizan'ny fifampidinihana hialàna amin'ny mety hitohizan'ny krizy izay hitera-doza ho an'ny Firenena sy ny Vahoaka Malagasy. Samy miandry izay toromarika homen'ny Vondron'ny Kandidà ny rehetra momba ny fitohizan'ny hetsika izay azo inoana fa ho mafimafy kokoa ny fanoheran'ny Malagasy ny mbola hiverenan'i Andry Nirina Rajoelina eo amin'ny fitondrana ny Firenena indray, satria tsapa nandritra izay 5 taona izay fa nikoroso fahana ny fiainana ary nilanja ny tsy eran'ny aina ny vahoaka teo amin'ny sehatra rehetra. Efa tsy mahatoky ireo rafitra miandraikitra ny fifidianana, Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (Hcc) sy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena miandraikitra ny Fifidianana (Ceni), ny rehetra ka tsy hanaiky izay voka-pifidianana havoakan'ireto andrimpanjakana ireto. Marina fa mandroso ny teknolojian'ny serasera ka fotoana fohy dia tonga eny amin'ny Ceni ny vokatra any amin'ny faritra rehetra any, kanefa niaraha-nahita ihany koa ny tsy faharisihan'ny olompirenena nandatsa-bato, ka nangadihady ny toeram-pifidianana ary tsy hisy efapolo isan-jato izany ny tahan'ny mpifidy tonga araka ny vaovao nivoaka ny zoma atoandro. Tsapa araka izany fa toa mizotra any amin'ny làlan'ny korontana tsy azo hiverenana ny Firenena satria miziriziry amin'ny fandresen'i Andry Nirina Rajoelina nolazainy hatramin'izay ny mpomba azy. Etsy an-kilany kosa dia tsy hanaiky lembenana ihany koa olompirenena Malagasy sy ny ireo fikambanana maro samihafa, ka hanohitra hatramin'ny farany ny hiverenan'ny fanjanahana ny Firenena indray. Tsy nanao fampielezan-kevitra ny Vondron'ny Kandidà 10 ka tsy mahagaga raha tsy nandatsabato ho azy ireo izay nandeha nifidy ny alakamisy 16 novambra 2023 teo. Na izany na tsy izany dia nibaribary ary noporofoin'ny vato azon'i Andry Nirina Rajoelina fa tsy manaiky ny mbola hiverinany eo amin'ny fitondrana sy hanandevo ny Malagasy indray ny tia ity Nosy ity. Nigoka ny mangidy sy nifika ny taolambe tsy mitapaka ny Malagasy nandritra ny 5 taona ka tsy manaiky ny mbola hiverenan'izany indray. Araka izany dia manetsika ireo andrimpanjakana miandraikitra ny fifidianana ny ekipan'i Andry Nirina Rajoelina hitady ny fomba rehetra hampandaniana azy indray, ka hizoran'ny Firenena ho any amin'ny hantsan'ny faharavana sy ny fahapotehana. Ireo tsy manana fahalalana sy tsy ampy solaitra ary mitsipozipozy eo amin'ny fiainana ihany no mbola manohana an'i Andry Nirina Rajoelina ka « ny manantena tsy misy, hono, no sarotra fa ny mamohy mora foana.

***Andry Tsiavalona***

**TIM TOAMASINA**

# Tsy manaiky ny fifidianana ratsy fanomanana sy natao amboletra

Nitafa tamin'ny mpanao gazety, ireo lohandohan'ny mpisorona avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any Toamasina ny alarobia teo, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko tao Ambodisoanambo. Navoitran'ireo mpitarika tamin'izany, fa manaraka ny fandaminana sy fanapahan-kevitra ary ny toromarika avy amin'ny vondron'ny kandidà, na collectif des candidats C10 sy ny birao politika, ny TIM Toamasina. Arak'izany, tsy ekena hoy izy ireo ny fifidianana ratsy fanomanana sy natao amboletra tamin'ny 16 Novambre 2023 teo iny. Tsy nandeha nifidy ary tsy naniraka na haniraka olona hifidy N°5 mihitsy koa, ka hanamasina io fifidianana terena ho masaka io.

***Isambilo***




*Ireo mpitarika ny antoko TIM any Toamasina.*

## TONONKALO

### NANGATSIAKA NY FIFIDIANANA

Nanohitra ny fifidianana ny teto Madagasikara ,
Izay no tatitra mazava raha fehezina sy ambara.
N'aiza toerana naleha dia hita ho nangadihady,
Mai-molotra ny foza, hita ho tena resy an'ady !

Nanohitra ny fifidianana ny teto Madagasikara,
Olo-maro no nikomy ka nandà tsy handray anjara.
Kivy ratsy Rainilainga, ho tapitra eo ny hadalàny,
Fitsarana any ampita no tsy maintsy hiafaràny !

Nanohitra ny fifidianana ny teto Madagasikara,
Noho ireo lalao maloto efa nomanin'ny mpitsara.
Mila averina amin'ny laoniny iretsy rafi-pitantanana,
Raha tsy izay, ho very maina ireo rehetra fifidianana !

Nanohitra ny fifidianana ny teto Madagasikara.
Tsy ho ela dia haneno ny trompetra sy anjomara.
Tsy ny vokatra intsony no ilaina hozahàna ,
Fa ny fomba hiverenana amin'ny « tany tan-dalàna » !

*DADAN'i ZINA (16-11-23)*

**ZANAKY NY FARITRA ATSIMO-ATSINANANA**

# Atsaharo ny fisamborana tsy ampiheverana ny zanakay




*Ny avy amin'ny fikambanan'ny Zanaky ny Faritra Atsinanana tetsy amin'ny 67 ha.*

Nampitsahatra ny hetsika fanairana amin'ny fitondram-panjakana, ny fikambanan'ny Zanaky ny Faritra Atsimo-Atsinanana nanomboka ny alarobia teo, rehefa navoakan'ny mpitandro filaminana ny Kandida Paraina Auguste ny alin'ny talata hifoha alarobia. Io no nisongadina nandritra ny fifampiresahana niaraka tamin'ny mpanao gazety nataon'ny Zanaky ny Faritra Atsimo Atsinana tetsy amin'ny Hotel Sava Fokontany 67 Ha ny alarobia teo. Nanamafy Andriamatoa Rasamizafy Cyrille mpitondra tenin'ny fikambanana, fa tsy namela ny zanaky ny faritra hampidirina amponja amin'ny fiampangana tsy misy porofo mazava izy ireo. Nanohy fanazavana ny mpitondra tenin'ny zanaky ny faritra: atsaharo ny fisamborana tsy amin'antony ny zanaky ny faritra Atsimo Atsinana, ao anatin'izany ny fisamborana ny Kandida Paraina Auguste tetsy amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ny talata tolakandro ary nanamafy ny fikambanana, fa tsy hisy fifidianana ho tanteraka tany amin'ny faritra Atsimo Atsinana, raha niziriziry nitazona ny kandida Paraina Auguste teo ny fitondram-panjakana. Nanambara Andriamatoa Rasamizafy Cyrille, fa tsy ankasitrahan'ny fikambanana ihany koa ny fitazonan'ny sampan-draharahan'ny fadin-tseranana etsy Antanimena an-dRamatoa Philippine mivady zanaky ny faritra, izay voarohirohy fa nitondra zava-mahadomelina mahery vaika. Nilaza ny solontenan'ny fikambanana, fa mpanao asa soa hatramin'izay any amin'ny faritra Atsimo Atsinana Ramatoa Philippine ary tokony ho zavatra voamarina no tokony hanenjehana an'ireto farany, fa tsy resaka fitondrana fanafody, izay efa nahazoana alalana avy any ivelany, ka nentina niditra teto Madagasikara.

***Franck Razakambelo***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Ando R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

Tsy nisy mpifidy, na zara raha nisy nifidy tao amin'ny birao fandatsaham-bato tao Ambodinisotry ny alakamisy teo.





Ny kandidà Andry Raobelina tafaverina an-tanindrazana, rehefa avy nitsabo tena tatsy amin'ny Nosy Maorisy.





Ny Vovonana PAN/FFKM, nanao fanambarana teny Tsimbazaza ny alakamisy hariva teo.





Ny avy amin'ny TIM Toamasina nanao fivoriambe ny alarobia teo, mitsipaka ny fifidianana tsy madio sy natao amboletra.






## NY TENY FIAINANA




*"Ny fon'ny manan-tsaina mitady fahendrena; fa ny vavan'ny adala mankamamy ny fahadalana."*
***Ohabolana 15:14***

### Barea sy Black Stars tany Kumasi

# Namaritana mpilalao Barea vaovao

Namaritana ny fivoaran'ireo mpilalao mandrafitra ny ekipan'ny Barea de Madagascar vaovao, ny lalao nifanandrinan'ny Black Stars de Ghana sy ny Barea de Madagascar tany amin'ny kianja " Stade BABA YARA – Kumasi Ghana" omaly zoma 17 novambra 2023. Nazava ny fanazavana nomen'ny Coach Rôrô raha nanontanian'ireo mpanao gazety Malagasy manaradia ny delegasiona Malagasy, hiatrika ny fifaninanana roa voalohany amin'ny fifanintsanana "Mondial 2026" izy, tamin'ny andro nialohan'ny fihaonana tany Kumasi, raha nilaza fa niatrika ny lalao tamim-pahavononana ireo mpilalaon'ny Barea rehetra ary niezaka araka izay tratra ny herin'izy ireo ry zareo ho fanomezamboninahitra ny fiombonam-po amin'i Dadafara izay namoy ny vady andefimandriny. Nanahirana azy, hoy izy, ny nifidy an'ireo mpilalao 23 nandrafitra ny lisitry ny Barea tany Kumasi.



*Mpialalaon'ny Barea tany Kumasi.*

***Rainilita***

### Karting 23è Trophée International de Madagascar

# Eny amin'ny SRK Imerintsiatosika rahampitso

Ho tontosaina eny amin'ny SRK Imerintsiatosika rahampitso alahady 19 novambra 2023 manomboka amin'ny 09 ora maraina, ny fifaninanana Karting "23e Trophée International de Madagascar", handraisan'ireo sangany rehetra amin'ity taranja ity anjara ary mpilalao avy any ivelany ihany koa, izay marihana fa fifaninanana manaraka antsakany sy andavany ny lalàna iraisam-pirenenan' ny CIK-FIA, sy ny « Règlement Sportif National » ary ny « Règlement Standar Karting napetraka teo anivon'ny Federasionan' ny « Sport Automobile de Madagascar » amin'ny ankapobeny. Tantely amam-bahoana anefa ny fiainana, ka ao anatin'ny hanatanterahana an'izany hetsika izany dia hahatsiaro manokana an-dRazafindralambo Noah "Pilote Karting Minime Malagasy (11 taona)", izay nodimandry tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity ary niondrehan'ny fianakaviamben'ny SRK, sy ny "Sport Automobile de Madagascar" farany teny amin'ny trano fonenany teny Tsaralevenana Ambohibao tamin'ny alarobia 15 novambra teo sady nampahery ny fianakaviany ihany koa. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mitondra ny teny fampiononana ihany koa hoan'izany fianakaviana nilaozany izany.




*23e Trophée International de Madagascar.*

***Rainilita***

### Baolina lavalava

# Hitohy indray ny "Championnat" rugby vehivavy



*Rugby vehivavy Malagasy.*

Hitohy etsy amin'ny kianjan'i Makis Andohatapenaka indray, ny fifaninanana rugby vehivavy, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy D-1 sy D-2, 2023 amin'ny alahady 19 novambra 2023 ho avy izao araka ny fandaharandalao. 09:00-Uasc Cheminot # Fanja Anjanahary, 11:00-XV Red Tanjombato # Ftvl Lalamaty, 13:00-Rcts Soavimasoandro # 3Fb Fahasalamana, 15:00-Ftm Manjakaray # Ftfa Antohomadinika. Nomarihan'ny FMR fa ho 2000 Ar ny fidirana fanatrehana an'ireo lalao ireo rahampitso.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Vily saosy** indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na vily maina na vily lena no atao. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly iadiana amin'ny sempotsempotra

Raha vao mahatsiaro sempotsempotra na mora vizaka ianao. Mba tsy ho tsentsina ny fantsona lehibe mpitondra ny rà madio na mpamoaka ny rà maloto avy ao amin'ny fo, izao no atao :

-Makà hasina tongolo gasy 3. Teteho madinika. Andrahoina amin'ny rònono 1/4 litatra.

Avela hangotraka 5min. Avela hangatsiaka. Sotroy alohan'ny hatory.

-Afaka atao indray mandeha isam-bolana.

Anisan'ny manala ilay tavy manodidina ny fo izany.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Foulpointe na Mahavelona distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Foulpointe na Mahavelona distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Foulpointe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Andranonampango no niantsoana an'i Mahavelona na Foulpointe tany aloha. Sambo anglisy Full niantsona tamin'ny tendrony matsoko tany Mahavelona na nahatonga ny anarana Foulpointe. Nanorina manda tao ny Mpanjaka Radama I: ny Mandan'i Mahavelona. Fizahantany no tena fototry ny toekarena any Foulpointe amin'izao fotoana. Eo koa ny asa tanana isan-karazany, ny jono.



VONDRON'NY KANDIDÀ

# Mitohy ny tolona, miantso ny sivily sy miaramila hijoro

Nanao fanambarana ny vondron'ireo kandidà ny alakamisy hariva teo fa mitohy ny tolona, miantso ny sivily sy miaramila koa izy ireo hijoro. Nambaran'ny solontenan'ireo vondron' ny kandidà nandritra izany fa very ny fitokisan'ny Malagasy ny mpikarakara ny fifidianana. Manamafy ny fitakiana ny hisian'ny fifidianana madio hatrany ny vondron'ny Kandidà, izay nilaza fa tsy maintsy mitohy ny tolona. Fandresena voalohan'ny tolona ny taham-pahavitrihana ambany indrindra tamin' ny tantaran'ny Firenena, ho an'ny fifidianana amboletra sy barofo, izay tsy nandraisan'ny rehetra anjara. Miantso ny hivelona rehetra sivily sy miaramila koa, tanjona ny hananana fifidianana madio sy mangarahara, izay hany lalana tokana hametrahana ny fitoniana eto amin'ny firenena. Mitohy ny tolona ary tsy mijanona raha tsy tratra ny tanjona."



*Ny vondron'ny kandidà nanao fanambarana.*

***Isambilo***

Depiote Fetra Ralambozafimbololona

# Navotsotra, arahi-maso ara-pitsarana, ny 12 desambra ny fitsarana

Navotsotra omaly ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, depiote TIM ao amin'ny Boriboritany faha-5 ary filohan'ny vondrona parlemantera Tiako i Madagasikara, rehefa notazonina tsy ara-drariny sy tsy ara-dalàna teny amin'ny zandary Fiadanana nandritra ny andro maromaro. Arahi-maso ara-pitsarana izy ary ny 12 desambra ho avy izao ny fotoam-pitsarana. Ankoatra izany, saika hitsidika azy teny amin'ny zandary ao amin'ny sampana fikarohana heloka Bevava Fiadanana omaly ny avy amin'ny vondron' ny kandidà, depiote maromaro ary ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, nefa tsy navelan'ireo mpitandro filaminana niditra namangy izy ireo. Nanambara ny depiote Mamy Rabenirina fa:"tsy azo tsidihina ny solombavambahoaka Fetra Ralambozafimbololona, izay zavatra tsy ara-dalàna sy tsy manaja ny zon'olombelona." Efa andro maromaro ity olom-boafidy ity no notazonina teny ary izao navotsotra izao ihany omaly, rehefa niakatra fampanoavana.



*Ireo solontenan'ny vondron'ny kandidà, sy ireo depiote omaly, teny Fiadanana.*

***Niaina***

Coupe d'Afrique FIBA 3x3, 2023

# Handray anjara ny Ankoay 3x3 lehilahy sy vehivavy

Handray anjara amin'ny fifaninanana basket 3x3 « Coupe d'Afrique FIBA 3x3, 2023 » andiany faha-5, izay ho tontosaina ao Le Caire amin'ny zoma 1 ka hatramin'ny alahady 3 desambra 2023 ho avy izao ny Ankoay 3x3 lehilahy sy Ankoay 3x3 vehivavy, ka hihazo an'i Egypte hiaraka amin'ireo ekipa afrikana sangany mpiangaly an'ity basikety 3x3 ity. Efa nivoaka ankehitriny ny fizaram-bondrona lahy sy vavy amin' ity fifaninanana ity, ka hoan'ny Ankoay vehivavy dia ao amin'ny vondrona B miaraka amin'i Kenya, Bénin, Maroc ary Nigéria no misy azy ireo. Ao amin' ny vondrona A kosa no misy an'i Egypte mpam- piantrano, Ouganda, Algérie, Mali ary Sénégal. Hoan'ny Ankoay lehilahy kosa dia ao amin'ny vondrona B ihany koa miaraka amin'i Bénin, Kenya, Maroc ary Mali no misy azy ireo. Ho an'ny vondrona A amin'ity sokajy ity dia ahitana an'i Egypte mpampiantrano, Algérie, Ouganda, Sénégal ary Nigéria. Tsiahivina fa i Madagasikara sokajy lehi- lahy sy Egypte sokajy vehivavy no tompondaka farany tamin'ity fifaninanana ity. Tompondaka lefitra kosa i Madagasikara tamin'io andiany faha-4 farany io.




*Ankoay lahy sy vavy 2022.*

***Rainilita***

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao : azo lazaina ho médiocre ny résultats raha ireny ny taux de participation raha mihoatra ny moyens tsy hita pesimpesenina nampiasaina : ===> 5 taona nanaovana propagande ===> vola nihodina tsy tambo isaina, tena hoe vola fasika ===> fitaovampanjakana nampiasaina ===> mpiasampanjakana nampiasaina ===> 4 hélicoptères ===> jet privé ===> 25 artistes ===> t shirt orange, koveta, elo, robe de chambre nozaraina ===> force de l'ordre maheriny 5000 isa ===> fananana olomboafidy maro be 154 députés, maires, fonctionnaires, sy olomboatendry ===> fizarana moto sy 4×4 ===> monopolisation ny institutions rehetra (CENI, HCC, GOUVERNEMENT, PRESIDENCE, SENAT) ===> PRESSION SY REPRESSION mahery vaika ===> zera bombe sesilany ===> fandratrana, fanimbana fananan'olona ===> monopolisation ny haino amanjerimpanjakana (TVM, RNM) ≈==> FIVIDIANANA olona ===> hosoka maro samy hafa ( BV fictif, triplon, doublons, ...) ===> FITAOMANA olona @ camion ===> tournée nanerana an'i Madagascar. Tokony ho majorité écrasante mihitsy no azo avec taux de participation + de 70 % fandresena + 60 %. Mais non en réalité ny CC10 NO NAHAZO NY MAJORITE ABSOLUE .

***Mihaja Andriamahefa***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa***

FC Copain Alarobia sy Tournoi Open Foot à 7

# Noferana ho 32 ny isan'ireo ekipa hifaninana

Nanambara Andriamatoa Rakotondramiara Hasina, filohan'ny Fc Copain Alarobia, tamin'ny firesadresahana nivantana taminy an-telefaonina, fa hajanona amin'izay ny fisoratana anarana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana baolina kitra « Tournoi Open Foot à 7 », izay karakarain'izy ireo eny amin'ny kianjan'ny « Travaux Publiques Alarobia » ankehitriny, ka ho ferana ho 32 ny isan'ireo ekipa mandray anjara amin'io fifaninanana io, mba hampizotra tsara ny fifaninanana, fa nisy ekipa roa nitsoaka an-daharana tampoka tamin'ireo 34 efa nisoratra anarana. Noho ny fisian'ny hetsika hafa ho tontosaina eo amin'ny kianjan'ny kianjan'ny « Travaux publiques Alarobia » rahampitso alahady 19 novambra 2023 dia hiato kely aloha ny fanatanterahana ny andro faharoan'ny fifaninanana, fa ambara eto ihany ny mety hitohizan'izany amin'ny manaraka.

***Rainilita***




*Fc Copain nanatrika ny fihaonana teny Alarobia.*

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**11/11/2023 hatramin'ny 18/11/2023**

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 032 12 736 66 / 034 98 742 23
**- D'IVANDRY** (Ivandry) 032 03 549 76/038 12 549 77/033 11 549 76
**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69 / 034 05 186 69
**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 76 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1496-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tompon-trano mihono amin'ny harem-pirenena ny vahoaka

Tsy mahasoa ny taranaka fara aman-dimby ny fikatsahana harena tsy amim-pahamarinana, tsy ara-drariny sy tsy hitsiny. Mampidi-doza ny ankohonana mihitsy raha toa ka fatra-pila harena. Ankehitriny anefa, misy ny fironana be dia be amin'izany, ary ny tsikaritra dia olom-bitsy eto amin'ny firenena no tena mirona amin'izany. Efa be ny hareny fa mbola tsy afa-po sy mionona ihany, fa minia hatrany mangorona izay azo hahorona rehetra. Tafiditra amin'izany ny teratany malagasy na vahiny. Iaraha-mahita sy mahalala tsara izany. Milofo mafy araka izay fomba rehetra hahafahany manao izany izy ireo, ka hahafahany mifehy ny firenena sy ny toekarem-pirenena. Mazava loatra, fa zara raha mba mahazo anjara amin'izany harena izany ny vahoaka ary misy aza anjorom-bala tanteraka tsy misitraka na kely aza. Zary tompon-trano mihono amin'ny harem-pirenena ireto farany. Izany hoe misy zara miangatra eto amin'ny fitompoana ny harem-pirenena. Tsy rariny sy tsy hitsiny izany ka tokony hiova. Vinan'Andriamanitra ho an'ity firenena ity ny fisandratana. Amin'ny fampanjakana ny fahamarinana anefa no hahatanterahana izany, fa tsy amin'izao zava-misy iainan'ny vahoaka malagasy izao. Iray amin'ny manaiky ataon'Andriamanitra fitaovana hizorana ho amin'ny fanatanterahana izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Efa niezaka ho amin'izany hatrany amin'ny taona 2017 izy ary azo ambara mazava, fa efa vita ny fototra rehetra amin'izany tamin'ny alalan' ireo asa maro efa natao. Anisan' izany ny famoahana boky maro mirakitra ny paik'ady, ny atrik'asa sy fikaonan-doha ary laoabary an-dasy samihafa; ny fanatonana sokajin' olona maro na anaty fitondrana na fanjakana na ivelany, sy fikambanana maro, eny hatramin'ny fiangonana, sns... Mbola mitohy ny asa sy ezaka. Anisan'ny tanjona iray lehibe ao anatin'izany ny hitovian'ny fisitrahana ny harena sy ny fitsinjovana ny olona tsirairay. Fikendrena lehibe amin'izany ny hametraka fiarahamonina vaovao misy firaisan'aina (symbiotique) sy mampisy firaisan'aina (symbiotisant). Fiarahamonina tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, mifampivelatra. Tsy izany ve no andrasan'ny vahoaka malagasy fatratra? Miandry ny fijoroan'ny olom-pirenena ny AFK hiarahientana aminy handray andraikitra. Ny AFK dia tsiahivina hatrany fa tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

### Transparency International Madagasikara

# Mbola tsy tara ny mpitondra raha hiverina amin'ny lala-mahitsy

Manoloana ny fifidianana maloto sy natao amboletra ny alakamisy teo, nanao fanambarana ny Transparency International Initiative Madagasikara (TI-MG). Mampitandrina izy ireo ny manampahefana malagasy amin'ny loza ateraky ny fanekena ny zotram-pifidianana manjavozavo sy sambotsamborina toy ireny. Mbola tsy tara raha hiverina amin'ny lala-mahitsy ny mpitondra ankehitriny. Ny 31 oktobra 2023 dia efa namoaka tombana amin'ny mety ho fandanian'ny kandida amin'ny fifidianana ny TI-MG. Rehefa nanao tombana indray izy ny andron'ny fifidianana 16 Novambra 2023 dia nahatsapa, fa mbola mihoatra noho ilay tombana voalohany aza izany fandaniana izany. Ny Transpareny International dia mamerina ny antso avo amin'ireo kandidà amin'ny fanatanterahana ny mangarahara amin'ny loharanom-bola ho an'ny fampielezan-keviny. Manampy trotraka izany ny « audit », n any fitsirihana izay nataony araka izao :
460.000 ny tsy fahatomombanana momba ny karapanondro.
73.736 ireo doublons.
2.208.768 ireo soratra diso.
4,5 tapitrisa ny olom-pirenena tsy voasoratra anarana.

***Stefa***





***Tompon'andraikitra voalohan'ny TI-MG.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 450**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0449)

**Mitsivalana**
- Vehivavy
- Alefa – Fo (miv)
- Lotoina
- SN – Ota
- Ski – As
- Korana
- Anarana

**Mitsangana**
- Valosoa
- Elo
- Hetsika
- Nofy (miv) – Ro
(miv)
- Vay – Ora
- No – (T)an(y)
- Voatana
- If – Asa

## TENY MIFANAPAKA N° 450




**Mitsivalana**

**1.** Karazana legioma – Tsirin-teny Mpanao **2.** Resy – Mahadomelina **3.** Manambara lera – Toerana **4.** Manao fitsidihana **5.** Laharana (miv) **6.** Teny fanehoana (miv) Tsy mahafoy tanàna iray **7.** Sakafo – Nandray (BR) **8.** Tsy tonta (miv) – Tia, iry **9.** Kianteny – Milaza fananana (miv) **10.** Mpikarama (miv) – Esotra

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka eran-tany **B.** Foto-tsakafo – Kanto (miv) **D.** Ampela (miv) **E.** Mpanondro toerana – Tovona (miv) – Mahantra **F.** Bozaka **G.** Anelanelan'ny vato – Manao fanekena (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Mpilalao mandray vola **J.** Feo miverina – Didy mipetraka (miv) **K.** Mampisafidy – Tafita amin'ny sarotra

### Valiny Teny mifanaraka 0449

**Mitsivalana**

**1.** Peratra - Re **2.** Anana - Mamo (miv) **3.** Tinapaka **4.** Mirona (miv) - Nao **5.** (A)lam(o) - RN **6.** Atrika **7.** Hasoavana **8.** Aty - Atody **9.** Antitra **10.** Ivato - Atao

**Mitsangana**

**A** Pataloha **B.** Enina - Vata (miv) **D.** Ranomasina **E.** Rana (miv) - To - TT **F.** Tapitra - Io **G.** Ma (miv) - Tavy (miv) **H.** (L)aok(a) - (S)okatra **I.** Man - Taona (miv) **J.** Rà - Ar - Ad(y) **K.** Embona - Ilo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

**Ny fihaonamben'ny antoko TIM tetsy Bel'Air Ampandrana omaly, natrehan'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana.**

















